



**FIANTSOANA FANEHOANA FAHALINANA (APPEL A MANIFESTATION D'INTERET) :
FAMPIOFANANA MPAMPIOFANA AMIN'NY FANABEZANA MAHAOLONA**

SY FIFIDIANANA.

Ao anatin'ny fandaharan'asa « Strengthening Transition and Electoral Processes » (STEP) izay vatsin'ny USAID vola ary tanterahan'ny « Institut Electoral pour une Démocratie Durable en Afrique » (EISA), ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia manao ity fiantsoana fanehoana fahalinana ho an'ny fivondronan'ny fiaraha-monim-pirenena miasa mahakasika ny fandraisana anjaran'ny olompirenena ka manana hetaheta hanamafy ny fahaiza-manao eo anivon'ny fikambanany eo amin'ny sehatry ny fanabeazana ny mahaolona sy ny fifidianana.

Ity fiantsoana ity dia misokatra ho an'ny fikambanana mahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

- Fikambanana tsotra na Fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta (ONG) malagasy mijoro ara-dalàna ;
- Fikambanana tsotra na Fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta (ONG) manao asa mifandraika amin'ny famporisihana ny fandraisana anjara ny olom-pirenena, indrindra ny vehivavy, ny tanora ary ny olona manana fahasembanana.
- Liana ary manana finiavana hitondra anjara biriky amin'ny fanabeazana ny mahaolona sy ny fifidianana.

Ny fikambanana tsirairay dia afaka manendry solontena iray (solontena iray isaky ny fikambanana) araka izao fombafomba manaraka izao :

- Dika mitovy ny « taratasy fanamarinana ny fisoratana anarana (Récepissé) » alaina any amin'ny ministera voakasika na ny sampandraharaha isam-paritra ho an'ny fikambanana any amin'ny faritra.
- Taratasy manamarina ny maha mpikambana ao amin'io fikambanana io avy amin'ny tompon'andraikitry ny fikambanana.

Ny taratasy filatsahana dia alefa amin-dRamatoa Solotenan'ny EISA Madagasikara amin'ity adiresy ity : jessica@eisa.org.za farafahatarany ny Alarobia 22 aogositra amin'ny 4 ora .

Ny fiofanana dia hotanterahana ny **30 sy ny 31 aogositra 2018 eto Antananarivo.**

Ireo izay voaray dia haazo fanasana tsirairay miaraka amin'ny fombafomba fampihatra amin'ny fandraisana anjara amin'ny FDF.

Ny fikambanana miasa any amin'ny faritra sy miaraka amin'ny vehivavy, ny tanora, ny olona manana fahasembanana dia amporisihana manokana hametraka ny taratasy filatsahany.